Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 ,rue de Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél: 01 45 96 03 05

Athis-Fanantenana

Siège Paroissial : Centre Paroissial 10, Rue Etienne Lebeau
Lieu de Culte : Église Saint-Denis , 8 Place de l'Église 91200 ATHIS-MONS
Tél : 01.69.38.53.26 & 06.52.53.22.56 & 06.76.14.71.40

« … *Ary Kristy Jesoa no fehizoro indrindra ; ao Aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo* » (Efesiana 2 :20b-21)

ALAHADY 02 OKTOBRA 2022
ALAHADY FAHA XV MANARAKA NY TRINITE
ALAHADIN'NY VOKATRA
FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO
Mitarika sy mitoriteny : Ny Mpitandrina RAZAFIMAHATRATRA Marcellin Ismaël

---

Zava-maneno (Miditra ireo Mpitarika, mitsangana ny olona)

Mpitarika: Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.
Fiangonana: Amen (mipetraka ny Fiangonana aorian'izany)

FIARAHABANA APOSTOLIKA
ANTOKO MPIHIRA
FIHAONANA SY FANKALAZANA AN'ANDRIAMANITRA (mitsangana)
Salamo Fiderana

Mpitarika : ***Ry havana malala rehetra ao amin'ny Tompo, mitsangana hisaotra sy hidera an'Andriamanitra Tompontsika amin'ny famakiana ny*** **Salamo**

Fiangonana: «Avia, aoka isika hihoby ho an'i Jehovah ; aoka isika hanao feo fifaliana ho an'ny Vatolampy famonjena antsika. Aoka hankeo anatrehany amin'ny fiderana isika ; aoka hanao feo fifaliana ho Azy amin'ny fihirana isika. Fa Andriamanitra lehibe Jehovah, ary Mpanjaka lehibe ambonin'ny andriamanitra rehetra.Eo an-tànany ny fitoerana lalina amin'ny tany ; ary Azy ny tendrombohitra avo. Azy ny ranomasina, fa Izy no nanao azy ; ary ny tany maina dia noforonin'ny tànany. Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika ; aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah, Mpanao antsika ; fa Izy no Andriamanitsika ; ary olona fiandriny sy ondry tandremany isika. Haleloia ! Amen ! » **(Sal.95 :1-7)**

Hira 16 :1, 2,3

VAVAKA FANATONANA SY FIDERANA
Feon-java maneno fohy.
VAVAKA FIFONANA SY FIAIKEN-KELOKA (mipetraka)

Fiangonana: Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho Aminao izahay; mamelà ny helokay; diovy izahay ho afa-pahotana; sasao izahay mba ho afa-keloka ; ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesoa Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amen

Hira 408 :1, 3,5

TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA (mitsangana)

Mpitarika : ***Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana ny Andriamanitsika , koa mitsangàna, raiso amin'ny finoana sy ny fifaliana ny Teny famelan-keloka atolony antsika,fa hoy Izy hoe*** **:«Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao. Indro efa nesoriko ny helokao, efa navelako ny fahotanao. Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zananilahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.»(Jer.31 :3 ; Jao.3 :16).Voavela ny helotsika noho ny anarany masina, ary amin'izao sisa izao aza manota intsony. Haleloia! Miderà ny Tompo!**

FANKALAZANA(Gloria)

Mpitarika: Voninahitra ho any amin'ny Avo Indrindra ho an'Andriamanitra*

Fiangonana: Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany*.

FIFAMPIZARANA NY FIADANANA.

Hira 701 :1,2 (mifandray tanana)

Zava-maneno- Interlude-

FOTOANAN'NY SEKOLY ALAHADY

FAMAKIANA NY SORATRA MASINA

Fiomanana amin'ny Vakiteny sy ny Toriteny

Hira FF6 (mitsangana)

Mpitarika: (vavaka hampahazava ny Teny)

Fiangonana: Amen

Testamenta Taloha sy Epistily: **Habakoka 1 :2-3 ; 2 :2-4 ; II Timoty 1 :6-14**

Filazantsara: **Lioka 17 :5-10**

Fiangonana: Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara ! Amen(hiraina)*

FANEKEM-PINOANA (mitsangana)

Mpitarika: ***Miaraka amin'ny Fiangonana kristiana rehetra manerana ny tany dia manambara ny finoantsika isika :*** **«Kristy dia maty noho ny fahotantsika. Araka ny Soratra Masina dia nalevina ary nitsangana tamin'ny andro fahatelo. Araka ny Soratra Masina, dia iray ny Fiangonana, iray ny Fanahy, dia toy ny fiantsoana antsika ho amin'ny fanantenana iray. Iray ny Tompo, iray ny Finoana, iray ny Batisa, iray Andriamanitra, sady Rain'izy rehetra izay ambonin'Izy rehetra sy manerana azy rehetra, ary ao amin'Izy rehetra. Amena ! »**

Hira 306 :4 (mitsangana)

TORITENY

Feon'orgue malefaka dia malefaka sy vavaka mangina

ANTOKO MPIHIRA (FIDERANA -LOUANGE)

FANASAN'NY TOMPO

Mpitarika : Ry Fiangonana malala ! Mivelatra manoloana antsika ny Fanasan'ny Tompo izay manambara ny Fahasoavan'Andriamanitra manatona antsika amin'ny fomba hita maso sy azo tsapain-tànana, koa…

Sursum corda

Mpitarika : Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo*

Fiangonana : Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo*

Mpitarika : Aoka hoderaintsika ny Tompo Andriamanitra*

Fiangonana : Mendrika ny hoderaina Izy !*

VAVAKA FANOMBOHANA

Mpitarika : Eny tokoa Tompo, Ray Masina, Andriamanitra Mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny hisaoranay Anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, Izay tia anay sy nanolotena hamonjy anay. Amin'ny alalany koa no hideràn'ny anjely ny fiandriananao sy hitsaohan'ny fanapahana sy ny fahefàna rehetra Anao amin'ny tahotra ary hiarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy ka amin'ny fanajana lehibe no hideràna hoe:

Hira : *Antema 1* : Masina ! Masina ! Masina ! Jehovah Tompo, feno ny voninahitrao izao rehetr'izao, ry Tompo ô, amen.

TENY FANORENANA

Mpitarika : Jesoa Kristy Tompontsika, tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy : « **Raiso, hano, ity no Tenako Izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy.** » Ary toy izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana dia hoy Izy : **« Misotroa amin'ity ianareo rehetra, fa ity no Ràko, dia ny amin'ny fanekena vaovao, izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro ianareo dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy**. »

VAVAKA (mipetraka)

Mpitarika: Ry Fiangonana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy Izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka:

ANAMNÈSE

Mpitarika: Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany fa noho ny famindramponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

Fahanginana

EPICLÈSE

Mpitarika: Ankehitriny Ray o, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay, ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona, amin'izao Izy manatona anay amin'ny alalan'izao fanasana izao.

Fiangonana: Ry Jesoa Kristy Tompo ô, izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao masina dia mangataka mba hampiraisinao Aminao, ohatry ny sampana amin'ny voaloboka. Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay. Ary aoka izahay hiaramanana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao. Amen.

Hira 107 :2

Mpitarika: Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa afaka manambara hoe: *Rainay ô Izay any an-danitra,* Hohamasinina anie ny Anaranao.Ho tonga anie ny fanjakanao.Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.Ary aza mamela anay ho azon'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy. Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay.Amena !

FAMAKIANA NY MOFO SY FANANDRATANA NY KAPOAKA (mitsangana)

Mpitarika: Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny tenan'i Jesoa Kristy Tompontsika. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny Ràn'i Jesoa Kristy Tompontsika.

Mpitarika: Hoy ny Tompo: avia, fa efa voavoatra ny zavatra rehetra.

Fandraisana: 253 ; 259

Mpitarika: Hoy Jesoa Kristy Tompo: **Raiso, hano ity no Tenako Izay omena ho anareo. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy.** (vavaka mangina)

Hoy Jesoa Kristy Tompo: **Sotroinareo rehetra ity, fa ity no Ràko, dia ny amin'ny Fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro ianareo**. (vavaka mangina)

TENY FAMPAHEREZANA (Exhortation)

Mpitarika: Jesoa Kristy Tompontsika Izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny Tenany sy ny Ràny izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie no hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fiainana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana.

Mpandray: Amen

Hira 172 :1

Vavaka: Andriamanitra Tsitoha sy mandrakizay o, misaotra Anao izahay fa efa sitrakao tokoa ny namahana anay tamin'ireny zava-tsoa ireny, dia ny Tenan'i Jesoa Kristy Zanakao Mpamonjy anay, sy ny Rany soa sarobidy, ka nampahatoky anay ny fitiavanao sy ny fahatsaranao ary ny fanaovanao anay ho sampana velona momba ny Tenan'ny Zanakao. Mangataka Aminao izahay, noho ny famindramponao hihazona anay amin'izany fiombonana masina izany, ka handehananay mamoa voa tsara amin'ny fitiavana sy ny faharetana, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay.

Fiangonana: Amen

Fanangonana ny kapoaka

FILAZAN-DRAHARAHA (Mipetraka)

FANATI-PISAORANA 109 ; 430

Fanolorana ny rakitra: (mitsangana) : Ry Tompon'ny harena ô !

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA (Prière d'intercession)

Hira 432 :1,3

HAFATRA SY TSODRANO

Mpitarika: Ho aminareo anie ny Tompo*

Fiangonana: Ary ho amin'ny fanahinao*

Mpitarika: Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo. Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo. Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana * (Hiraina)

Fiangonana: Amen

Mpitarika: Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen.Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo ary torio amin'ny teny sy ny asa ny Filazantsara.

Fiangonana: Isaorana anie Andriamanitra.

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.Amen